Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

SAP FPMA – Alarobia 17 mey 2017
Ny fanambadiana kristiana
Efesiana 5, 21-33

## A. MANODIDINA NY EPISTILY HO AN'NY EFESIANA :

Tany am-pigadrana tany Roma, noho ny Filazantsara, i Paoly no nanoratra ity Epistily ity (3, 1 + 4, 1 + 6, 20). I Tykiko, izay hiverina ho any Asia no nampitondrain'i Paoly ity taratasy ity sy ny Epistily ho an'ny Kolosiana. Epistily novakiana sy nifindrafindra teo amin'ny Fiangoana tany Efesosy sy Kolosia ity Epistily ity (4, 16).

### 1. Ny Fiangonana tao Efesosy :

Nipetraka 3 taona tao Efesosy i PaolyAsa. 19, 1 – 20, 1). Tamin'ny dia misionery 2 nataony no nanorenany ny Fiangonana tao Efesosy (Asa. 18, 19 snm). Fa tamin'ny diany manaraka (izay naharitra mihoatra ny 2 taona), tamin'ny 55 – 57, no tena nampaherezan'i Paoly azy tamin'ny fampianarana maro tao amin'ny synagoga sy tany an-tokan-trano. Zava-dehibe tokoa izany asa fampiorenam-pinoana izany (cf. Asa. 19, 10) satria maro ny olona niankina tamin'ny magie tao Efesosy, rehefa nandre ny Filazantsara izy ireo dia nandray ny finoana, ary dia lasa ivon-toeran'ny finoana kristiana i Efesosy.

### 2. Antony nanoratana :

#### 2. 1. Votoatin'ny soratra :

Fampiorenam-pinoana sy fampianarana mba hampiarana izany finoana izany eo amin'ny fiainana an-davan'andro no Antony nanoratan'i Paoly ity Epistily ho an'ny Efesiana ity. Izao no nataony amin'izany :

- mampiseho ny Fahamarinan'Andriamanitra,
- mampahafantatra ny Famonjena :
  - ✓ araka ny famindram-pon'Andriamanitra,
  - ✓ amin'ny Famonjena nataon'i Jesosy Kristy,
- manambara fa ho an'ny olona rehetra izany Famonjena izany,
- milaza ny firaisan'ny olom-baovao ao amin'Andriamanitra Rain'izy rehetra, izay Iray,

#### 2. 2. Fomba fanoratana :

Tsaroan'ny mpanoratra mandrakariva fa jentilisa niova fo ireto olona anoratany ireto :

- ambarany mazava ny Fahasoavana izay namonjen'Andriamanitra azy ireo,
- tsy takonany ny maha-zaza natsangan'Andriamanitra azy ireto (cf. 1, 11 sy 13 + 2, 1-3 sy 11 ary 17 snm + 3, 1), mba hahatsapany fa :
    - ✓ maimaim-poana ny nanomezan'Andriamanitra izany fifidianany azy ireo ho olony izany,
    - ✓ mila mankasitraka sy mandray izany famindram-pon'Andriamanitra izany ho harenany izy.

## 3. Ny Epistily ho an'ny Efesiana :

### 3. 1. Fizarana 2 :

Ny fizarana 1 dia mikasika ny Fiangonana izay tenan'i Kristy. Ao amin'ny Fiangonana-tenan'i Kristy no andravan'i Kristy ny fankahalana sy ny fisaratsarahana mba ho iray sy ho mpirahalahy ny mino rehetra, na jiosy izy na jentilisa tany am-boalohany (Efe. 1, 1 – 4, 16).
Toy izao no firafitr'izany :

1. Fiarahabana **1, 1-2**
2. Fitahian'Andriamanitra ao amin'i Jesosy Kristy Mpamonjy sady Lohan'ny Fiangonana **1, 3-23**
3. « Fa Fahasoavana no namonjena anareo » : ny Hazo-Fijalian'i Kristy no andraisam-Pamonjena sady mampiray ny mino rehetra **2, 1-22**
4. Ny maha-iray ny finoana **3, 1 – 4, 16**

Ny tapany 2 (Efe. 4, 17 – 6, 24) dia fampianarana ny mino mba hiaina ao anatin'ny firaisana sy ny firahalahiana noho ny finoana an'i Jesosy Kristy. Manantitra ny iainana izany eo anivon'ny ankohonana i Paoly :

a) ny vehivavy dia tokony hanaiky sy hanaja ny vadiny ; ny lehilahy kosa dia mila tia ny vadiny,
b) ny zaza dia tokony hanaja ny ray aman-draniny ; ny ray aman-dreny kosa mila manao izay tsy hanhasorena ny zanany,
c) ny mpanompo dia tokony hanaja ny tompony ; ireto farany kosa mila mahatsiaro fa Andriamanitra iray ihany no tompoin'izy ireo sy ny mpanompony.

Toy izao no firafitr'izany :

1. Fahamasinana / fahadalana taloha **4, 17 – 5, 20**
2. Izay tsy maintsy hiainana ny finoana ao an-tokan-trano **5, 21–6, 9**
3. Ny fiadiana ara-panahy ananan'ny kristiana **6, 10-20**
4. Toro-hevitra sy fanaovam-beloma **6, 21-24**

### 3. 2. Hevi-dehibe 2 :

I Kristy no Lohan'ny Fiangonana (Efe. 1, 22-23) : izany no fampianaran-dehibe 1 ato amin'ny Epistily ho an'ny Efesiana. Izany no mahatonga ny fampiasana voambolana momba ny vatana (ny loha, ny tena) sy ny fanambadiana (ny lahy sy ny vavy).

Izany Fiangonana izany dia manantitra ny Famonjena'Andrimanitra maimaim-poana izay atolony ho an'izay rehetra mino an'i Jesosy Kristy.

Ny fampianaran-dehibe faha-2 dia miompana amin'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy. Ny firaisana amin'ny Finoana an'i Kristy sy ny Fahamasinana no iantsoana ireo rehetra voaantso ho isan'ny Fiangonan'Andriamanitra ao amin'ni Jesosy Kristy.

### 3. 3. Fijerena isakin'ny toko :

**TOKO 1 :**

**and. 1-2 : FIARAHABANA APOSTOLIKA :**

- ny maha-apostoly an'i Paoly = « noho ny sitrapon'Andriamanitra » (1a)
- « olona masina » : satria « ao amin'i Kristy Jesosy »,
- fiarahabana apostolika :
  - ✓ « Fahasoavana » (= Grâce) = namonjena antsika (ho afaka amin'ny fahotana sy ny sazy valim-pahotana) MAIMAIM-POANA (=don gratuit) tao amin'i Kristy Jesosy teo amin'ny Hazo-Fijaliana,
  - ✓ Fiadanana (= Paix) : mampihavana (cf. Jesosy namangy ny mpianany après Résurrection) sady manala ny tahotra (cf. réaction-n'ny mpianatra tamin'izany)
  - ✓ « avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo » = tsy avy amintsika ny Fahasoavana sy ny Fiadanana fa nomena antsika

**and. 3-14 : NY SAFIDIN'ANDRIAMANITRA HITAHY IZAY OLONA AO AMIN'I KRISTY HO FIDERANA NY VONINAHINY :** Ny fitahian'Andriamanitra izay olona ao amin'i Kristy Jesosy : Andriamanitra :

- = « Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika »,
- nitahy antsika tao amin'i Kristy Jesosy mba ho fiderana ny Voninahitrin'ny Fahasoavany :
  - ✓ nifidianany antsika tao amin'i Kristy Jesosy … mba ho masina (4),
  - ✓ notendreny ho Azy isika tamin'ny fananganan'anaka (= adoption) amin'ny alalan'i Jesosy Kristy (5),
  - ✓ nanasoavany antsika maimaim-poana ao amin'i Jesosy Kristy (6)

**TOKO 2 :**

**and. 1-3 : FAHINY** (= talohan'ny ninoanareo ny Famonjen'Andriamanitra anareo tao amin'i Kristy) ianareo dia zanakin'ny fahatezerana

**and. 4-7 : NY FAMONJEN'ANDRIAMANITRA**

**and.8-10 : « FA FAHASOAVANA NO NAMONJENA ANAREO » :**

- fanomezana avy amin'Andriamanitra izany (8-9)
- mba handehanantsika hanao asa tsara ao amin'i Kristy (10)

**and. 11-13 : FAHINY / ANKEHITRINY**

**and. 14-18 : KRISTY NO FIHAVANANTSIKA :**

- mandrava ny efitrin'ny fisarahana tao amin'ny Nofony (14-15a)
- mba hanakambana ao amin'ny Tenany (15b)
- hampihavana ho tena iray amin'Andriamanitra noho ny Hazo-Fijaliana (16)

**and. 19-22 : KRISTY NO FEHIZORO INDRINDRA :**

- tonga mpiray fanjakana amin'ny olona masina satria ankohonan'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy (18-20)

- mirafitra ao amin'i Kristy Jesosy (21a)
- mitombo tsara ho tempoly masina (= fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy) ao amin'ny Tompo (21b-22)

TOKO 3 :

and. 1-13 : NY MAHA-APOSTOLY AN'I PAOLY :

- hahafantatra ny zava-niafina ny amin'i Kristy (4) = ny ahatongavan'ny jentilisa ho :
    - ✓ mpiray lova (6a),
    - ✓ tena iray (6b),
    - ✓ mpiombona ny Teny fikasana ao amin'i Kristy Jesosy (6c)
- hitory amin'ny jentilisa ny haren'i Kristy tsy hita lany (8)
- hampahazava amin'ny olona ny fitondrana ny zava-miafina (9)

and. 14-20 : VAVAKA HO AN'NY EFESIANA :

- hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahin'ny Ray ny toe-panahinareo (16)
- hitoeran'i Kristy ao am-pony amin'ny finoana (17a)
- hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana (17b)
- hahalala ny Fitiavan'i Kristy izay mihoatra noho ny fahalalana (19a)
- hamenoana azy amin'ny fahafenoan'Andriamanitra (19b)

and. 21 : HO AN'ANDRIAMANITRA ANIE NY VONINAHITRA AO AMIN'NY FIANGONANA SY AO AMIN'I KRISTY JESOSY

TOKO 4 :

and. 1-13 : MILA MIFANARA-TSAINA :

- mandeha miendrika ny fiantsoana anareo (1-3) :
    - ✓ fanetren-tena (2a),
    - ✓ fahalemem-panahy (2b),
    - ✓ fahari-po mifandefitra amin'ny fitiavana (2c),
    - ✓ mazoto mitana ny firaisana avy amin'ny Fanahy amin'ny fehim-pihavanana (3) (= Kristy Jesosy, ny sakramenta)
- ny firaisana (4-6) satria iray Andriamanitra (6) :
        - ➢ Rain'izy rehetra (6a),
        - ➢ ambonin'izy rehetra (6b),
        - ➢ manerana azy rehetra (6c),
        - ➢ ao amin'izy rehetra (6d)
- fanomezam-pahasoavana samihafa mandrapahatonga ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra (7-13) :
    - ✓ samy manana araka ny ohatrin'ny fanomezan'i Kristy (7),
    - ✓ ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana (12a) :
        - ➢ ho fanatanterahana ny olona masina (12b),
        - ➢ ho amin'ny fampandrosoana ny Tenan'i Kristy (12c) :
            - ❖ apostoly (11a),
            - ❖ mpaminany (11b),
            - ❖ evanjelistra (11c),
            - ❖ mpiandry sy mpampianatra (11d)

and. 14-16 : HANARAKA NY MARINA AMIN'NY FITIAVANA :

- tsy ho zaza amin'ny finoana intsony (14) :
- hitombo amin'ny zavatra rehetra ho amin'i Kristy (15)

- mifameno sy mifanompo ny fanomezam-pahasoavana samihafa (16) mba hampandroso ny Tenan'i Kristy amin'ny Fitiavana (cf. and. 12)

and. 17-32 : FAMPORISIHANA MBA HADIO FITONDRAN-TENA :

- ianareo kosa nampianarina tao amin'i Kristy (20-21) :
- aoka hadio fitondran-tena :
  - ✓ esory ny lainga (25),
  - ✓ tezera fa aza manota (26), tezera fa aza atao tratrin'ny masoandro milentika ny fahatezeranareo,
  - ✓ aza manome fitoerana ho an'ny devoly (27-31) :
  - ✓ maleme fanahy ka mifampiantrà sy mifamelà heloka (32)

TOKO 5 :

and. 1-21 : AOKA HANAHAKA AN'ANDRIAMANITRA :

- mandehana amin'ny fitiavana (1) :
  - ✓ toy ny nitiavan'i Kristy anareo (2),
  - ✓ tsy miombom-panao amin'ireo tsy manana lova eo amin'ny Fanjakan'i Kristy sy Andriamanitra (5) :
    - ➢ fijangajangana, fahalotoana, fieremana (3),
    - ➢ fahavetavetana, resaka fahadalana, voso-dratsy (4),
- mandehana tahaka ny zanakin'ny mazava :
- tandremo tsara izay fandehanareo (15) :
  - ✓ araraoty ny andro azo anaovan-tsoa (16)
  - ✓ fantaro izay sitrapon'ny Tompo (17)
  - ✓ aza mimamo (18a)
  - ✓ aoka hofenoin'ny Fanahy (18b)
  - ✓ mifampilazà amin'ny salamo sy ny hira (19)
  - ✓ misaora an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra (20)
  - ✓ mifaneke amin'ny fatahorana an'i Kristy (21)

and. 5, 22 – 6, 9 : AOKA HIFANAIKY :

- amin'ny mpivady, tahaka an'i Kristy sy ny Fiangonana (22-33) :
  - ✓ vehivavy manaiky ny lehilahy (22-24),
  - ✓ lehilahy tia ny vehivavy (25-33) (cf. Gen. 2, 24)
- amin'ny mpianaka :
  - ✓ zanaka manaja ray aman-dreny (**6,** 1-3) (cf. Deot. 5, 18),
  - ✓ ray aman-dreny mitaiza tsara ny zanany (4)
- amin'ny asa :
  - ✓ mpanompo manompo toa ny manompo an'i Kristy (5-8),
  - ✓ izay tompo manao izay sitrapon'Andriamanitra (9)

and. 10-20 : ITAFIO NY FIADIAN'I KRISTY :

- isika mitolona amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra (12) fa tsy mitolona amin'ny nofo aman-dra (12),
- mifahara :
  - ✓ sikino fahamarinana ny valahanareo (14a),
  - ✓ mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra (14b),
  - ✓ kiraroy fahavononam-panahy amin'ny fihavanana ny tongotrareo (15),
  - ✓ tano ny finoana hamonoanareo ny zana-tsipika alefan'ilay ratsy (16),
  - ✓ raiso ny famonjena ho fiarovan-doha (17a),

- ✓ raiso ny Tenin'Andriamanitra ho sabatrin'ny fanahy (17b),
- ✓ miambena amin'ny faharetana amin'ny favavahana (18-20)

and. 21-24 : FANAOVAM-BELOMA :

- mandefa an'i Tykiko ho irako aho :
  - ✓ hampahafantatra anareo ny toetro (22a),
  - ✓ hamorisika ny fonareo (22b)
- fiadanana, fitiavana, finoana ho an'ny rahalahy (23)
- fahasoavana ho an'izay tia an'i Jesosy Kristy Tompontsika (24)

## B. TEKSTA :

21 sady **mifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy**.

22 Ianareo vehivavy, maneke ny vadinareo tahaka ny anekena ny Tompo. 23 Fa ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i Kristy koa no Lohan'ny fiangonana; ary Izy no mpamonjy ny tena. 24 Fa tahaka ny aneken'ny fiangonana an'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra.
25 Ianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, 26 mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny; 27 mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy. 28 Dia tahaka izany koa, ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny tenany ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany. 29 Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an'i Kristy amin'ny fiangonana ; 30 fa momba ny tenany isika.
31 « Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hiray amin'ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany izy roroa » (Gen. 2.24). 32 Zava-miafina lehibe izany ; fa milaza ny amin'i Kristy sy ny fiangonana aho.

33 Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy.

### 1. Mifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy :

#### 2. 1. Fahatahorana an'i Kristy :

##### a) Gen. 2, 18 sy 20 :

« Ary Ny TOMPO Andriamanitra nanao hoe : Tsy tsara raha irery ralehilahy dia hanaovako vady sahaza ho azy izy » (Gen. 2, 18) … « Dia nomen-dralehilahy anarana ny biby fiompy rehetra sy ny voro-manidina mbamin'ny bibidia rehetra nefa tsy hita izay vady sahaza ho an-dralehilahy » (Gen. 2, 20).

Tena niasa teo amin'ny fiainan-dralehilahy mihitsy Andriamanitra ka nanome vady sahaza ho

azy.

### b) Fankasitrahana an'Andriamanitra :

Ny TOMPO inoantsika dia Andriamanitra tokana, nanambara tena ao amin'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Izany no ilazana ny finoantsika kirstiana hoe monothéisme trinitaire : « Tompoko sy Andriamanitro », hoy i Tomasy nanondro an'i Jesosy (Jao. 20 , 28).

Fahatahorana (= fanajana) an'i Kristy = fankasitrahana an'Andriamanitra.

Fitsarana an'Andriamanitra fa tsy fankasitrana Azy na ny asa ataony ny fampirafesana.

### c) Ny fifidianan'Andriamanitra antsika araka ny Efe. 1, 3 – 2, 21 :

« 3 Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nitahy antsika tao amin'i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra, 4 araka ny nifidianany antsika tao aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika, 5 rehefa notendreny rahateo amin'ny fitiavana isika mba ho Azy amin'ny fananganan-anaka amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka izay ankasitrahan'ny fony » (Efe. 1, 3-5) :

Midika izany fa Andriamanitra mihitsy no nifidy antsika tao amin'i Jesosy Kristy ka nanangana antsika zanany, ho Azy, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy :

Vokany 1 : Koa satria nofidin'Andriamanitra isika dia tena miova mihitsy izany ny identité-ntsika :

- taloha isika olon-ko azy, olon'ny fihaviany sy ny firazanany ary izay vitany sy izay noheveriny ho performance-ny / izao isika dia olon'Andriamanitra, zanak'Andriamanitra : « terak'Andriamanitra isika » (Asa. 17, 29). Fiers amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika ! « Ary ianareo ho oloko, Ary Izaho ho Andriamanitrareo » (Jer. 30, 22). Ary koa « Endrey ! manao ahoana ny Fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika ! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao, satria tsy nahalala Azy izy. Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika » (1 Jao. 3, 1-2a),
- taloha isika nitari-tena irery, mandeha araka izay saintsika, manao izay lanin'ny kibontsika : « efa nitondrantsika rehetra tena koa fahiny tamin'ny filan'ny nofontsika, ka nanaovantsika ny danin'ny nofo sy ny saina » (Efe. 2, 2) / izao isika manaraka Mpitarika satria « Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra » (Rom. 8, 14),
- taloha isika dia isika ihany no fetrantsika (isika no norme namatrarantsika ny zavatra rehetra) / izao isika ny Hazo-Fijalian'i Jesosy Kristy no fetra mamaritra antsika. Satria « … raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy. Efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo » (2 Kor. 5, 17).

Vokany 2 : « … Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsi-fahalalana. Fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka » (Asa. 17, 30). « Koa tandremo

tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao. Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon'ny Tompo» (Efe. 5, 15-17).

### 2. 2. « Mifanaiky » na hoe iza no vady ekenao ? :

Ny dikan'ny hoe « mifanaiky ao amin'i Kristy » (Efe. 5, 21) dia :

- manaiky fa manam-pahefana aminao Andriamanitra satria zanany ianao,
- mankasitraka ny asa ataon' Andriamanitra eo amin'ny fiainanao,
- manaiky fa vady sahaza anao avy amin'Andriamanitra io vadinao io,
- manaiky fa zanak'Andriamanitra koa ny vadinao.

## 3. VEHIVAVY MANAIKY SY MANAJA NY VADINY :

### 3. 1. Manaiky (Efe. 5, 22-24) :

Ny fanekena dia midika ho fiankinan-doha kanefa manambara koa fa :

- manaiky an'Andriamanitra izy satria manaiky fa « terak'Andriamanitra » (Asa. 17, 30) izy,
- manambara ny fanekeny fa i Kristy no Lohany satria isan'ny Fiangonana izy.
- lasa « ankohonan'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy » (Efe. 2, 18-20) izy sy ny ankohonany ka :
  - ✓ mirafitra ao amin'i Kristy Jesosy (Efe. 2, 21a) ary
  - ✓ mitombo tsara ho tempoly masina (= fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy) ao amin'ny Tompo (Efe. 2, 21b-22).
- tonga « fiderana ny Voninahitrin'ny Fahasoavan'Andriamanitra » (Efe. 1, 6 sy 12 ary 14) ny tokan-tranony,

### 3. 2. Manaja (Efe. 5, 33b) :

Ny fanajan'ny vehivavy ny vadiny dia manambara ny fanajany an'Andriamanitra.

Eo amin'ny fifandraisana ao an-tokan-trano (mikarakara, havre de paix) sy eo amin'ny fitondran-tena (fisehoany any ivelany, fiteniny) no tena isehoan'ny fanajan'ny vehivavy ny vadiny.

## 4. LEHILAHY TIA NY VADINY :

### 4. 1. Tia (Efe. 5, 25-29) :

Ny fitiavana resahina eto dia :

- fitiavana ny Tompo : « Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha », hoy ny 1 Jao. 4, 19,
- fitiavana ny namana :

- ✓ « Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo ; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia » hoy ny Jao. 13, 34,
- ✓ « izay tia ny namany dia efa nahatanteraka ny Lalàna » (Rom. 13, 8b) satria « ny fitiavana no fahatanterahana ny Lalàna » (Rom. 13, 10b).

#### 4. 2. Andraikitra :

Izay tia dia tsy maintsy manaiky sy manaja ny vadiny. Fa, ambonin'izany, ny fitiavana dia mbola manondro fanompoana koa :

- mamelona (tena manao izay hahazoan'ny vadiny fiainana feno fa tsy ara-bola fotsiny) :
  - ✓ ara-batana (mety ho ilàna vola) sy
  - ✓ ara-tsaina (mitaona azy handroso ho amin'ny tsaratsara kokoa hatrany),
  - ✓ ara-panahy (mitondra azy eo amin'ny Tompo),
- mananatra :
  - ✓ manoro lalana,
  - ✓ mananatra raha misy fahadisoana,
- miaro :
  - ✓ ara-batana,
  - ✓ ny tokan-tranony ka tsy mamela olon-kafa hitsabaka amin'ny fiainan-tokan-tranony (cf. Gen. 2, 24),
  - ✓ ara-panahy :
    - ➢ miaro amin'ny fakam-panahy,
    - ➢ mivavaka ho azy mandrakariva.

Andraikitrin'ny lahy eo amin'ny vadiny izany ka :

- raha miteny izy dia aoka hiteny « toy ny milaza tenin'Andriamanitra » (1 Pet. 4, 11a) ka ny Tenin'Andriamanitra no ijoroany, ny Sitrapon'Andriamanitra no ambarany sy itondrany ny vadiny,
- ny fanompoany dia ataony « araka ny hery izay omen'Andriamanitra azy » (1 Pet. 4, 11b) : « Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny Heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena » (2 Kor. 12, 9b).

## C. FAMPIHARANA EO AMIN'NY ASA VAVOLOMBELONA :

### 1. Eo amin'ny fifandraisana :

#### 1. 1. Eo amin'izy mivady :

Tianao ho sambatra ve ny vadinao ? : Anehoy fanekena sy fitiavana izy.

Tianao ho samabatra ve izy na dia nanao izay tsy ankasitrahanao aza ? : mivavaha ho azy.
Raha lavo na solafaka noho ny fahotana izy dia izao :

- ✓ apetraho eo amin'ny Tompo izy, mangataha famelan-keloka ho azy. Izany dia

efa nataon'i Jesosy tamintsika koa : « Ary hoy Jesosy : Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony » (Lio. 23, 33). Efa vonoina ho faty i Jesosy no mbola mivavaka mangataka famelan-keloka ho an'ireto olona mamono Azy,

- ✓ amin'izay dia tsy hanenjika azy ianao ka tsy hanala baraka azy, ary tsy hampihahaka izay fahotana nataony na niainany. Manana firaisana eo amin'i Jesosy Kristy manko ny kristiana ka izay mampiahaka ny fahotan'ny mino dia mitovy amin'ny manondro tena ho nanao izay fahotana nambarany tamin'ny hafa izay, ka manala baraka tena : « Fa Izy (= i Kristy) no fihavanantsika, Izay naha-iray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana, fa tao amin'ny Nofony no nandravany ny fandrafiana, dia ny Lalàna nisy Didy natao hotandremana, mba hanakambanany antsika roa tonta ao amin'ny Tenany ho olom-baovao iray, ka hanaovany fihavanana, ary hampihavana antsika roa tonta ho tena iray amin'Andriamanitra noho ny Hazo-Fijaliana, izay namonoany ny fandrafiana » (Efe. 2, 14-16). A fortiori, ny mpivady,
- ✓ fa hananatra azy kosa sy hitory fibebahana ho amin'ny famelan-keloka ho azy : « izay mampibebaka ny mpanota hiala amin'ny làlan'ny fahadisoany dia hamonjy fanahy tsy ho faty sady hanarona heloka be » (Jak. 5, 20).

### 1. 2. <u>Eo anatrehan'ny zanaka</u> :

Eo anatrehan'ny zanaka dia manana adidy hampiseho fitiavana koa ny mpivady :

- fitiavana an'Andriamanitra : tariho ho amin'ny fiainana ny finoana ny ankohonanao :
  - ✓ fotoam-bavaka isan'Andro ao an-trano,
  - ✓ fandraisana anjara mavitrika amin'ny fiainam-piangonana :
    - ➢ fotoam-pivavahana,
    - ➢ sampana,
    - ➢ fianarana ny Tenin'Andriamanitra,
- fitiavana ny vady :
  - ✓ fanehoam-pitiavana,
  - ✓ omeo rariny mandrakariva ny vadinao eo imason'ny ankizy,
  - ✓ aza mifandranitra eo imason'ny ankizy,
  - ✓ fadio ny miady eo imason'ny ankizy,
- fitiavana ny zanaka :
  - ✓ ambarao aminy fa tian'Andriamanitra izy,
  - ✓ lazao sy asehoy azy fa tianao izy,
  - ✓ anaro sy/na bedeso izy raha manao ny tsy mety.

### 1. 3. <u>Eo anatrehan'ny fiaraha-monina</u> :

Hita eo amin'ny fiaraha-monina koa ny fiainan'ny mpivady ny fifankatiavany :

- fiarahany miaina,
- fiarahany manompo an'Andriamanitra,
- fifanehoany fitiavana,

- fifanajany :
    - ✓ fiakanjo,
    - ✓ fiteny,
    - ✓ fandraisany andraikitra.

## 2. EO AMIN'NY ASA FANOMPOANA :

### 2. 1. Eo amin'izy mivady :

Ny fifanekena sy ny fifankatiavana dia tokony hifampizaran'izy mivady aloha vao ho hitan'ny hafa eo amin'ny fiainan'izy ireo.

Midika fandeferana sy fifamelan-keloka izany :

- mandefitra = izay manana ny marina/rariny no manao premiers pas hihavanana,
- mamela heloka :
    - ✓ apetraka amin'ny Tompo,
    - ✓ ekena eo anatrehan'ny Tompo,
    - ✓ iainana (= fanadinoana),
    - ✓ mitaky fifananarana araka ny Sitrapon'Andriamanitra.

### 2. 2. Eo amin'ny Fiangonana :

Tsara miara-manompo an'Andriamanitra eo amin'ny Fiangonana ny mpivady. Tsara mifampirisika amin'izany izy mba haneho ny « fiderana ny Voninahitrin'ny Tompo ».

Mila mifampivavaka ny mpivady. Ka :

- sady zava-dehibe ny hitondrany ny tokan-tranony sy ny ankohonany eo amin'Andriamanitra amin'ny bénédiction nuptiale,
- no tena iankinan'ny ain'ny tokan-trano ny fiarahan'ny mpivady sy ny ankohonany mivavaka.

Voninahitra anie ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay Azy hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amen !

Pastora Donald GIZY,
SAP,
FPMAAnnemasse.
Annemasse,
17 mey 2017.